APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

n° 68

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara | Mivoaka isaky ny telo volana | Desambra 2025

## AHOANA NY FIFANDAMINANA SY FANDRAISAN'ANJARAN'NY MPIOMPY TRONDRO AMIN'NY FAMATSIAM-BOLA NY ASA FIHARIANY ?



**Analamanga**

### Fampaharetana ny loharanom-bolan'ny fikambanana amin'ny alàlan'ny fiompiana trondro (P. 6)

**Amoron'i Mania**

### Mikarakara foara samirery ny Vondron'ny Mpamokatra trondro Rejionaly (P. 4)

**Itasy**

### « Tsara kokoa ny misitraka ny asa niainga avy amin'ny ezaky ny tena samirery » (P. 5)

RÉGION Nouvelle-Aquitaine | AFD | MIFANOHANA HO AMIN'NY HO AVY TSARA KOKOA | coopération allemande DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT | Mis en œuvre par giz | RÉGION NORMANDIE

## SASINTENY

« *Taon-trano tsy efan'irery* » hoy ny ohabolana malagasy. Mitaky fifanampiana sy fiaraha-misalahy hatrany ny fanatanterahana tetikasa lehibe iray. Tsy misy tetikasa mahomby raha tsy misy olona vonona hifanohana sy hiara-hiasa.

Fanamby lehibe iray ho an'ny tetikasa maro volavolain'ny tantsaha ny fitadiavana mpiara-miombon'antoka. Ahoana no ananganana tambajotram-piaraha-miasa matanjaka ? Inona no atao hahavitàna izany ? Ho an'ny tetikasa kely na natsangan'olon-tokana dia kelikely matetika ny olana sy ny filàna ara-bola. Rehefa vondrona kosa no mihetsika, miakatra ny filàna : ilaina ny fananana lamina tsara, ny toe-tsaina tia fiaraha-miasa, sy ny fahaizana mitady mpiara-miombon'antoka ivelany.

Izany indrindra no asongadin'ity laharana vaovao ity hoe : « Ahoana no fomba andraisan'ny mpiompy trondro anjara amin'ny famatsiam-bola ny fampandrosoana ny lalam-piharian'izy ireo ? ». Hohitantsika ny fomba nahavitàn'ireo vondrona nametraka fiaraha-miombon'antoka, miaraka amin'ny kaominina, ny tetikasa, ny rafi-pitantanan'ny jono, sy ireo tombontsoa azony. Ankoatra ny fanjohiana ara-teknika ny vondrona, ny mpanentan'ny APDRA dia manohana azy ireo amin'ny fandrindrana ny firaisankinan'ny mpikambana, ny fitadiavana mpiara-miasa, ny fangatahana famatsiam-bola raha ilaina sy ny fanatanterahana ny tetikasan'izy ireo.

Mety hampitsiry hevitra sy fanantenana ho an'ny mpiompy sasany ny traikefa zaraina ato anatin'ny gazety. Ampahatsiahivin'izy ireo etoana fa rehefa mifanohana, mety somary hiadana ny hafainganam-pandeha, kanefa mahalasa lavitra kokoa no azo antoka.

**Ny ekipan'ny FMT**

## LOHAHEVITRA : Ahoana ny fifandaminana sy fandraisan'anjaran'ny mpiompy trondro amin'ny famatsiam-bola ny asa fihariany ?

## « Tondro tokana tsy mahazo hao »

Raha manasongadina ny lohahevitra ny sasinteny dia maneho ny fomba itadiavan'ny vondrona fiaraha-miasa kosa ity lahatsoratra ity. Eo amin'ny fiainan'ny vondrona dia mety hisy ny olana. Tadiavintsika ny vahaolana ka izany no manjary tetikasa iray. Misy fotoana voavahantsika samirery ny olana, indraindray kosa ilàntsika tohana sy fahaiza-manao avy any ivelany ny famahana izany. Tokony hodinihina araka izany ny fomba enti-manetsika ny namana, ny olom-pantatra, ny fahaiza-manao, eo amin'ny samy mpamokatra, miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka, hamahana izany.

Jerena izay azo ahetsika, izay tsy ampy, izay asa hita fa tsy voasahan'ny fananantsika manokana. Eo no anapahan'ny vondrona hevitra sy ahazoany hery lehibe ary fitokisana hoentina mandondona varavarana hafa, hifanatona sy hanitatra fiaraha-miasa : ara-teknika sy ara-bola ihany koa. Amin'io fotoana io ilay tetikasan'ny mpamokatra vitsivitsy no lasa tetikasa lehibe kokoa izay iandrasan'ny tsirairay vokatra sy ikendreny fahombiazana.

Eo amin'ny tontolo ambanivohitra, mpisehatra maro no ilaina amin'ny fiaraha-miasa sy afaka mifameno. Eo ohatra ny Préfet amin'ny resaka ara-dalàna sy ny ara-panjakana, ny kaominina ho an'ny raharaha fananan-tany, ny rafitra mpampindram-bolana samihafa, sy ny maro hafa. Maro araka izany ireo mpisehatra hafa afaka manampy ny mpiompy ankoatra ny APDRA.

Ankoatra ireo mpiara-miombon'antoka ivelany ireo anefa dia hery iray manan-danja ny fiaraha-mientan'ny samy mpamokatra. Mihatsara ny fahaizan'izy ireo miatrika olana sy mitady vahaolana maro rehefa miombona sy mifanohana. Maneho izany indrindra ireo lahatsoratra manaraka.

### Atsimo Atsinanana

## Miara-mividy ray aman-drenina karpa hahafahany mamokatra trondro voalohany ny vondrona mpiompy

*Vondrona mpiompy trondro vaovao 8 samy hafa no nanao tsipaipaika hividianana ray aman-drenina karpa hanombohany famokarana. Miresaka ny mahakasika ny vondrona misy azy i Manamila Zephyrin, mpiompy trondro ao amin'ny kaominina Mahatsinjo, distrikan'i Vondrozo.*

« Teo aloha, 4 izahay no niompy trondro teto amin'ny kaominina. Tsy voafehinay ny famokarana zana-trondro ka na izahay nividy karpa sy tilapia any afovoan-tany na vatsian'ny minisitera na tetikasa hafa. Tamin'ny volana martsa teo, tonga teto amin'ny kaominina ny ekipan'ny APDRA nampahafantatra ny tetikasany vaovao, ny fomba fiasany sy ireo endrim-piompiana trondro samihafa atolony ato anatin'ny faritra (dobo barazy sy fiompiana trondro an-tanimbary). Olanay voalohany ny tsy fananana fahalalana ara-teknika sy ray aman-drenin-trondro karpa.

Namporisihanay mpiompy trondro 4 tranainy ireo mpiompy vaovao te handray anjara tamin'ny fiaraha-mividy ray aman-drenin-trondro satria tsy manome zana-trondro mivantana




Manamila Zephyrin (miakanjo fotsy) miaraka amin'ny mpikambana iray vondrona aminy

## LOHAHEVITRA : Ahoana ny fifandaminana sy fandraisan'anjaran'ny mpiompy trondro amin'ny famatsiam-bola ny asa fihariany ?

ny APDRA. Tanjona ny hisian'ny fifanakalozana mavitrika eo anivon'ny mpiray vondrona sy hiaraha-mampihatra ny fiofanana mikasika ny famokarana zana-trondro vao azo, mba hiantohana ny fisian'ny zana-trondro eto an-toerana. Nahatsangana vondrona ahitana mpiompy trondro 18 izahay, ka tamin'ny alàlan'ny tsipaipaika nataon'ny tsirairay no nahafahanay nividy renin-trondro 5 sy rain-trondro 15 tao amin'ny faritra Matsiatra Ambony. Ny ekipan'ny APDRA no nanamora ny fijerena ny mpivarotra sy ny fitaterana. Tonga tany an-toerana niaraka tamin'ireo solontenan'ny vondrona hafa ny tenako hividy mivantana ny ray amandrenin-trondro tany amin'ny mpiompy matihanina. Ankoatra izay, afaka nifanakalo hevitra taminy mikasika ny fomba famokarany zana-trondro karpa izahay ary nijery ny fanajariana nataony.

Amin'izao fotoana izao izahay dia efa manana ray amandrenin-trondro matoy azonay ampanatodizina amin'ny fotoam-pamokarana ho avy. Mbola tianay haverina izany fomba izany amin'ny fividianana ireo fitaovam-piompiana trondro ilain'ny vondrona. »

### Vakinankaratra

# Miara-manajary sahan-driaka hampandrosoana ny fiompiana trondro sy ny fambolena hafa

*Asehon'ity lahatsoratra ity ny fiaraha-miasan'ny mpamokatra eo anivon'ny vondrom-pikambanana miisa efatra ao amin'ny fokontany Korosovola, kaominina Antohobe. Tanjon'izy ireo ny hamerina ny fahazoan-drano noho ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro sy ny fahasimban'ny tanety.*

Tokantrano 100 ao anatin'ny fikambanana 4 no mivelona amin'ny fiompiana trondro. Mifanampy ny mpikambana eo anivon'ny vondrona mba hampihenana ny fahasahiranana sy ny tsy fitovian'ny fidiram-bolan'ny tokantranon'izy ireo. Tonga mandray anjara amin'ny asa ifanampiana ny ankamaroan'ny mpikambana, lehilahy sy vehivavy. Ho an'ny fanajariana, samy manatanteraka ny asa amin'ny sahan-driaka manandrify azy ny fikambanana tsirairay fa tsy miandry fanampiana avy any ivelany. Mifarimbona ny mpamokatra amin'ny fanaovana lakandrano fiarovana amin'ny riaka, fanatsatohana hazo hanaovana fanajariana manaraka tsipi-mira haabo, fambolen-kazo, fanaovana voly rakotra, ka vola 500 Ariary sy vary 1 kapoaka no fandraisan'anjaran'ny mpikambana tsirairay hiantohana ny sakafo iraisana rehefa manatanteraka ireo asa iombonana ireo.




*Miara-misalahy amin'ny fampiakaram-bary sy trondro ny mpikamban'ny vondrona ao Korosovola*

Nivoatra tsikelikely ny fikambanan'ny mpamokatra teo anivon'ny fokontany. Tamin'ny taona 2018, fikambanana iray antsoina hoe « Miavotra » ihany no nisy tao Ankamory. Vokatry ny halaviran'ny toerana misy ny mpikambana sy hanamorana ny fanatanterahana ny asa, fikambanana mpiompy trondro 3 hafa no teraka taorian'izany, tao Tsaramasoandro (2020), Korosovola (2024) sy Ambohijafy (2025). Mampiroborobo ny fiompiana trondro ny mpikambana mba hahazoana mamatsy trondro an'Antsirabe sy any an-kafa koa aza.

Vokatry ny fanentanana nataon'ny tetikasa MANITATRA (teo anelanelan'ny 2018 sy 2021) ary ALEFA 1 sy 2 (hatramin'ny 2022), nanapa-kevitra ny hanajary ny sahan-driaka rehetra ny vondrona. Azo lazaina fa nihavelona ny loharano ary sitrahin'ny fiompiana trondro sy ny fambolena maro izany. Teo aloha, volana jona dia efa ritra ny rano, ankehitriny kosa mbola afaka mianoka izany ny mpikambana hatramin'ny volana aogositra. Amin'izao sahan-driaka voajary izao, azon'izy ireo atao tsara ny manao fiompiana trondro miala vary.

### Analamanga

# Mahatonga ny vondrona hanam-paharetana ny hatsaran'ny fanentanana

*Nanapa-kevitra ny hanarina barazy iray simba ny mpampiasa rano ao Antaboaka, fokontany Ambatomitsangana, kaominina Ampanotokana, distrikan'Ambohidratrimo.*

Avy tamin'ny fiaraha-mikaroka vahaolana notarihin'ny vondrona ka notohanan'ny ACP ny hevitra hanarenana ny barazy. Araka izany, nanapa-kevitra handray anjara amin'izany amin'ny fomba samihafa (fanomezana fitaovana, torohevitra, tohana ara-bola) ny mpampiasa rano, taorian'ny fanentanana natao.

Teo amin'ny lafiny fanentanana, tsy mora sady nilàna fotoana ny tohana ara-pandaminana nomena ny vondrona. Taorian'ny fiaraha-mamaritra ny tena filàna no nijerena ny tombontsoa ara-piarahamonina sy toekarena ho an'ny tsirairay : ny vinavinam-pandaniana, ny tsipaipaika sy ny asa hoenti-manamboatra ny barazy. Nomena andraikitra ny mpikambana tsirairay. Ny vondron'ny mpiompy trondro nampian'ny mpanentana no mamaritra ny asa hotanterahina. Ny mpanentana no manaramaso ny firosoan'ny asa sy mandrisika mandra-pahavitan'ny barazy.

## LOHAHEVITRA : Ahoana ny fifandaminana sy fandraisan'anjaran'ny mpiompy trondro amin'ny famatsiam-bola ny asa fihariany ?

Nandray anjara tamin'ny famatsiam-bola ny asa ny mpampiasa rano tsirairay rehefa avy nifampizara ny fandaniana takian'ny fanarenana. Nisy aza ireo nandoa nihoatra ny anjarany. Marihina fa sahirana ara-bola ny ankamaroan'ireo olona ireo.

Fahafoizan-tena no nentina nanatanteraka ny asa tamin'ny alàlan'ny fifanampiana isan'andro teo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, ny mpanao taotrano teo an-toerana, ny olona nampindrana sarety, sns. Hoy izy ireo : « *Indraindray izahay tsy manam-bary fa mangahazo fotsiny no atono sy iarahanay mihinana.* »
Vokatr'izany, vitan'izy ireo ny 70 isan-jaton'ny asa ary afaka miompy trondro sy mamboly izy ireo satria tsy misy intsony ny tsy fahampian-drano. Mbola misy ny asa fanatsarana ahafahana miaro ny barazy. Manaporofo izany fa azo atao ny manatanteraka tanjona iraisana avy amin'ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay satria « *Ny herikerika mahatondra-drano* ».



*Asa fanarenana ny barazy*

### Amoron'i Mania

## Mikarakara foara samirery ny Vondron'ny Mpamokatra trondro Rejionaly

Ndrema Pierre Aloson Gerôme Gabriel, filohan'ny Vondron'ny Mpamokatra trondro Rejionaly (VMR) ao Amoron'i Mania : « *Ny fiombonana sy ny fahavononanay no nampisy ity foara ity. Izahay, mpiompy trondro, no nikarakara azy manontolo sy namatsy azy tamin'ny volanay manokana.*



*Trano hevan'ny Vondron'ny Mpamokatra Rejionaly*

*Nanetsika izay nananany ny vondrona kaominaly (VK) tsirairay, na tamin'ny fanaovana savika, tsipaipaika na asa hafa, hahazoany mandray anjara. Tsy fampirantiana fotsiny izany fa hafatra mafonja : vitanay ny mizaka tena, ny manome lanja ny fahaiza-manao anananay sy mifampiresaka mivantana amin'ny manam-pahefana ary ny mpiara-miombon'antoka. Dingana iray ity andiany voalohany ity, irinay ho lasa fihaonana isan-taona tsy azo iodivirana izany hampiroboroboana ny fiompian'ny tantsaha trondro eto amin'ny faritra, na tsy tanteraka aza ny tamin'ny 2024.* »

Nikarakara foara samirery ny VMR ao Amoron'i Mania ny 16 sy 17 jona 2023, hetsika nahitana ireo manam-pahefana teo amin'ny faritra, mpiara-miombon'antoka ara-teknika, sy mpiompy trondro avy amin'ny kaominina 18 ao amin'ny faritra, ka 13 amin'ireo soloin'ny VK iray tena. Tsy nisy fanampiana misongadina avy any ivelany ny fikarakarana sy ny famatsiam-bola io hetsika novolavolain'ny tantsaha samirery io. Tetibola manodidina ny 4 000 000 Ariary no nilaina tamin'ny fikarakarana, mahasahana indrindra ny fanofana trano heva 20, fitaovana fanamafisam-peo, toerana anaovana foara, lampihazo, ary ny fandriam-pahalemana nandritra ny telo andro. Mbola io tetibola io no nahazoana niantoka tsaingoka sy goka ho an'ireo nasaina, famoahan-taratasy isan-karazany, efitrano nandrian'ny mpiompy trondro, fanofana latabatra sy seza, sy saram-pitaterana samihafa, sns. Ankoatra ny fandoavam-bola madinidinika nataon'ny vondrona, nahazoana fanomezana, tohana ara-bola sy ara-pitaovana ihany koa ny mpiara-miombon'antoka sy ny manam-pahefana.

Namporisika ny fiombonana sy ny fifanakalozana teo amin'ny mpiompy trondro avy amin'ny distrika samy hafa ny foara, nanamafy ny fisian'izy ireo teo imason'ny manam-pahefana tao amin'ny faritra sy ny kaominina, namantarana ireo mpiara-miasa ara-teknika sy ara-barotra vaovao, ary indrindra, nampavitrika ny fiompian'ny tantsaha trondro ao amin'ny faritra iray manontolo. Nampiakatra ny fahavonona sy nanamafy ny fahaleovan-tenan'ny VK ihany koa izany.



*Fifanakalozana eo amin'ny samy mpiompy trondro*

# LOHAHEVITRA : Ahoana ny fifandaminana sy fandraisan'anjaran'ny mpiompy trondro amin'ny famatsiam-bola ny asa fihariany ?

### Analamanga

## « Avy any an-tanimbary ka hatreny an-tsena, mampiroborobo ny fiompiana trondro ny firaisankina »

*Efa ho telo taona izao no mikarakara fihaonana in-droa isan-taona farafahakeliny ny mpiompy trondro ao Anjozorobe.*

Napetraka isaky ny fokontany ao amin'ny kaominina Anjozorobe ny komitin'ny mpiompy trondro. Fidin'ny mpisehatra rehetra amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary ny mpikambana. Mikarakara fihaonana hanaovana fampiofanana na hetsika hafa izy ireo izay ahafahan'ny mpiompy trondro mahazo vaovao. Tsy misy tambiny fa an-tsitrapo no anaovan'ny komity io asa io.




*Fivorian'ny mpiompy trondro miaraka amin'ny manam-pahefana ifotony nandritra ny fanombanana ny taom-pamokarana*

Fantatry ny komity fa hisy fotoana hifarànan'ny tantsoroka omen'ny APDRA hany ka tiany hiantohana ny fitohizan'ny asa sy ny faharetany. Isan-taona, ny volana martsa no mivory ny mpamokatra zana-trondro raha anjaran'ny mpiompy trondro rehetra kosa ny volana may. Nahitana mpandray anjara miisa 110 ireo fihaonana ireo tamin'ny 2023 ary tafiakatra 408 tamin'ny volana may 2025.

Miara-miasa amin'ny mpitarika eny anivon'ny fiarahamonina toy ny filoham-piangonana sy ny filoham-pikambanana ny komity. Isaky ny fihaonana dia mitondra vary sy vola ilaina amin'ny sakafo ny tsirairay, ary mandray anjara ara-bola amin'ny fanohanana asa toy ny fanamboarana fanamiana sy *banderole* isam-pokontany. Mbola mila manatsara ny teknika fanentanany anefa ny mpikambana sasany mba hiantohana ny andraikitra maha-mpanetsika tantsaha azy ireo.

Raha fintinina dia niorim-paka teo anivon'ny mpiompy trondro ny tena firaisankina : isaky ny alakamisy, lasa resaka ao an-tsena ny trondro, ary tsy voafetra amin'ny andro iray na toerana iray no isian'ny fifanakalozana traikefa. Efa manana fototra matanjaka ny mpiompy trondro ao Anjozorobe ary vonon-kandroso amin'ny alàlan'izay ananany. Etsy ankilany, nilaza ny hiara-miasa amin'ny komity ny kaominina na tsy misy intsony aza ny fanohanan'ny APDRA.

### Itasy

## « Tsara kokoa ny misitraka ny asa niainga avy amin'ny ezaky ny tena samirery »

*Nanapa-kevitra hanajary farihy hisorohana ny tsy fahampian-drano ao an-tanimbarin'izy ireo ny mpampiasa rano ao Maento, fokontany Ambohitrambo, kaominina Ambohitrambo, distrikan'Arivonimamo. Miresaka ny dingana narahina sy ny vokatra azo ny vondron'ny mpiompy trondro.*

« Mpampiasa rano 30, mpikambana ao amin'ny vondrona antsoina hoe Taratra, no nanajary farihy iray ho dobo barazy mirefy 1,5 ha. Manoloana ny tsy fahampian-drano hanondrahana tanimbary 80 ha famokarana eny ambany, nangatahinay tamin'ny kaominina ny fahazoan-dàlana hitantana ny toerana tamin'ny 2021 ka azonay tamin'ny 2023. Hahafahana mitantana azy dia novaina ho vondron'olona ifotony ny fikambanana izay ahitana mpikambana 44 ka vehivavy ny 25. Tombony ho anay io isa io ary ahafahanay tsy miankin-doha amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Nanampy anay hahazo ny fahazoan-dalana hitantana ny dobo, hevitra ilaina amin'ny fanajariana sy ny fampiasana azy kosa anefa ny torohevitra sy ny fitsidihana fifanakalozana tany Vatomandry nokarakarain'ny APDRA.




*Fanombohan'ny asa fanamboarana dobo barazy nataon'ny vondron'olona ifotony*

Niteraka fandaniana betsaka ny asa. Nandoa 20 000 Ariary ny mpikambana tsirairay hampandehanana ny raharaha anatiny sy hamolavolana ny antontan-taratasy. Nandoa vola mitovy sanda amin'ny vidin-jana-trondro 10 avy eo ny tsirairay izay namokarana trondro vaventy mba hisorohana ny mety ho fidiran'olona ao an-dobo. Farany nampiharinay ny teknikam-panajariana dobo barazy azo tamin'ny fitsidihana fifanakalozana. Nitentina 1 000 000 Ariary ny fametrahana fitaovam-pandritana mirefy 10 m, naloa tamin'ny vidin'ny trondro vaventy sy ny tsipaipaika nataonay. Nanampy anay ny kaominina tamin'ny alàlan'ny fanomezana simenitra 4 gony.

Olana mbola ilàna fanampiana ny fisian'ny harefo ao an-dobo sy ny halatra trondro. Manana rano ampy hiompiana trondro an-tanimbary izahay ankehitriny, ka nahafahan'ny tsirairay mihinana sy mivarotra trondro, manamora ny fandoavana latsakemboka amin'ny alàlan'ny vidin'ny trondro vokatra avy ao an-dobo. Vinavinainay ihany koa ny hahatonga ny toerana ho toeram-pitsangatsanganana. »

# LOHAHEVITRA : Ahoana ny fifandaminana sy fandraisan'anjaran'ny mpiompy trondro amin'ny famatsiam-bola ny asa fihariany ?

### Analamanga

## Fampaharetana ny loharanom-bolan'ny fikambanana amin'ny alàlan'ny fiompiana trondro

Anisan'ny fokontany iarahan'ny tetikasa TAFITA sy AMPIANA 2 miasa hatramin'ny 2023 i Ambohidava, ao amin'ny kaominina Ambatolampy Tsimahafotsy, distrikan'Ambohidratrimo. Manentana ny olona amin'ny fandoavana hetra eo anivon'ny kaominina hisian'ny fandrosoana ao an-toerana ny tetikasa TAFITA. Handresen-dahatra sy hamporisihana ny mponina handoa hetra, manolotra tetibola andraisana anjara na tetibola ifampizaràna andraikitra ho solon'ny tamberimbidy ny tetikasa.

Nandritra ny fiaraha-midinika mikasika ny fampiasana io vola io, nanapa-kevitra hanao fiompiana trondro ny mponina mba hananana loharanom-bola maharitra. Teo no niditra an-tsehatra ny mpanentan'ny APDRA. Efa nisy ny fampiofanana mikasika ny fanatsarana ny fitantanana ny dobo barazy hita teo an-toerana saingy tsy nomen-danja ka nahatonga azy ho ratsy karakara. Rehefa voapetraka ny birao, nanomboka ny asa iombonana sy ny fanajariana vokatry ny fanjohiana nataon'ny mpanentana, narahin'ny fampidirana trondro. Nisy ny fifampizaràna andraikitra mikasika ny fiambenana, ny fanomezana sakafo sy ny fikojakojana ny dobo barazy. Nahatratra 300 kg ny vokatra voalohany niakatra ka nifampizaràn'ny mpikambana ny ampahany raha namidy kosa ny ambiny. Mitohy ankehitriny ny famokarana ao amin'ny dobo barazy ary resy lahatra ny mponina fa anisan'ny asa ahazoana loharanom-bola maharitra ny fiompiana trondro. Betsaka ireo olona efa mampihatra ny fiompiana trondro any aminy.







*Nisafidy ny fiompiana trondro ny fikambanana mba hampaharetana ny loharanom-bolan'izy ireo*

## Ahoana no hiantohana sy hampaharetana ny fampamokarana ny aty rano ao amin'ny faritra Atsinanana ?

*Mamelabelatra ny heviny hiantohana ny fitohizan'ny fampamokarana ny aty rano sy ny faharetany ao amin'ny faritra Atsinanana Raharimandimby Simon, Talem-paritry ny Jono sy Toekarena Manga, ao anatin'ity lahatsoratra ity.*

Am-polo taona maro izao no niroboboroan'ny fiompiana trondro an-tanety ao amin'ny faritra Atsinanana. Ny fiompiana an-dobo, an-dobo barazy, anaty fefy sy mitsingevana, no ahatarafana izany. Mpiompy trondro-tantsaha ny 90 % maherin'ireo mpiompy izay mamokatra trondro an-dobo, an-dobo barazy sy an-tanimbary amin'ny fomba voajanahary na manaraka teknika, ka vokatra hohanina no tanjona.

Tanjon'ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga sy ny isam-paritra ny hampiakatra ny taham-panjifana hazan-drano hatramin'ny 11 kilao isan'olona isan-taona mandra-pahatongan'ny 2030. Tokony hoampiakarina araka izany ny vokatra avy amin'ny rano an-tanety sady iantohana ny fifandraisan'ireo singa mandrafitra ny rojom-pamokarana an-tanety. Ny fanontaniana mipetraka izany dia : ahoana no hiantohana ny fitohizan'ny fampamokarana ny aty rano sy ny faharetany ao amin'ny faritra Atsinanana ?

Sakana amin'ny fahatratrarana io tanjona io ny fahazoana vola kirakira amatsiana ny sakafo ilain'ny fiompiana avo lenta sy ny anaty fefy. Manoloana izany, zava-dehibe ny mitady fiaraha-miombon'antoka amin'ny mpisehatra isan-karazany mba hampiakarana ny vokatra sy hiantohana ny vola enti-mamokatra. Izany no lasim-pifanarahana ara-toekarena isian'ny fandraisan'anjara mivantan'ny mpisehatra eo amin'ny lalam-pihariana, hatrany amin'ny mpamatsy hanam-pamokarana (mpamokatra zana-trondro, provandy), mpiompy trondro, mpamatsy vola, orinasa mpanohana, mpanangom-bokatra, Fitaleavam-paritra misahana ny fiompiana anaty rano. Ny Fitaleavam-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga Atsinanana no mitarika sy mampiroborobo io fomba fiasa io ka famatsiam-bola efatra mifototra amin'ny sakafo safidina no atolotra.

Dingana voalohany ny fiantohan'ny Fitaleavam-paritry ny fampamokarana ny aty rano ny fahafaha-mamokatra trondro eo amin'ny toerana irin'ny mpiompy. Mifarana amin'ny famoahana fahazoan-dàlana azon'ny miompy trondro atao antoka any amin'ny mpampindram-bola izany.

Ny mpiompy avy eo no misafidy ny mpamatsy vola mety aminy. Izy koa no mijery ny tolotra fampindramana mety amin'ny

## LOHAHEVITRA : Ahoana ny fifandaminana sy fandraisan'anjaran'ny mpiompy trondro amin'ny famatsiam-bola ny asa fihariany ?

provandy safidiny ho an'ny fiompiana sy ny mpanangom-bokatra tiany hiaraha-miasa. Isaky ny provandy safidiana dia azo vinavinaina ny vokatra sy ny taham-pahavokarana, amin'ny alàlan'ny famenoana ireo taratasy lasitra hita ao anaty drafi-pandraharahana.

Farany, aorian'ny fiakaram-bokatra, aterin'ny mpiompy tsirairay mivantana any amin'ny mpividy voakasika araka ny lasitra nosafidiny ny vokatra. Alefany any amin'ny kaonty bankin'ny (nindramany vola) mpiompy trondro avy eo ny vola na arotsany mivantana ao.

Mety hisitraka tohana ara-teknina sy tao raharaha mifandraika amin'izany ny mpiompy trondro. Mitovy amin'ny fomba fanefàna ny volan'ny mpamatsy hanam-pamokarana ihany no andoavana ny an'ny mpitao raharaha.

Hanatontosana izany fomba fiasa izany dia hiara-manao sonia fifanarahana ireo mpisehatra ara-dalàna rehetra voakasika. Ny mpisehatra lehibe dia ny Fitaleavam-partitra misahana ny Fampamokarana ny Aty rano ao amin'ny faritra Atsinanana, ny mpampindram-bola liana amin'izany (banky fototra, mpampindram-bola madinika), ny mpamokatra provandy (LFL, Agrival, Arbiochem, Royal Tilapia), ny mpamokatra zana-trondro nahazo alàlana (misy didim-pitondrana raisin'ny faritra sy mihavao isan-taona), ny mpiompy trondro liana (isam-batanolona), ny mpanangom-bokatra ara-dalàna ary ny mpanohana ara-teknika sy/na ara-pahasalamana.







*Raharimandimby Simon (mikasikety manga), Talem-paritry ny DRPEB Atsinanana, miara-midinika amin'ny mpiompy trondro vitsivitsy avy ao Atsinanana*

## Ny fiompiana trondro

*Ny fiompina trondro dia asa tena tiako*
*Amin'ireo tetikasa maro dia io no safidiko*
*Satria trondro no raha koranina*
*Mampidi-bola izy no sakafo fohanina*

*Raha te hiompy trondro dia manapaka fepetra*
*Mila manana farihy sy loharano, fa tsy hoe tany rehetra*
*Mafy ny lalana tsy maintsy hizorana*
*Ny fihemorana an-dalana no tena atahorana*

*Tsy ny tany rehetra akory na rano vorivory*
*Fa loharano velona no azo anaovana dobo*
*Henoy ny torohevitra ary araho tsara*
*Mahita ananjy vita any ka matsatsara*

*Araraoty ny fisian'ny mpiara-mombon'antoka*
*Fa raha tara anio ianao dia ho maty antoka*
*Satria izy io dia tsy vitan'ny tia hagnano*
*Fa tena mila toerana mitahiry rano*

*Raha tsy manana toerana dia mijanona*
*Fa ny fiompiana trondro tsy vita mora*
*Mba maro ny asa afaka atao*
*Fa ny mipetra-potsiny no tsy azo atao amin'izao*

*Fiompiana trondro dia mila hetsika*
*Ny ankamaroan'ny olona dia kivy matetika*
*Koa raha te hanao ianao dia mila mifetika*
*Mba hiakatra ambonimbony fa tsy hihamilentika*

*Fanaovana dobo no tena zavatra sarotra*
*Tena mandany vola fa tsy misy adivarotra*
*Zavatra angatahiko aminareo mpitondra fanjakana*
*Mba tohano aro zahay tô fa aza ialàna*

*Eo amin'ny hetra na hoe patanty*
*Raha mbola izao aloha tsy ho tanty*
*Na ifanarahana aza mbola magnanosarotra*
*Sady izahay mbola tsy ary nivarotra*

*Alohaloha kely izahay dia ho avy*
*Handoa ny hetra fa tsy hoe sazy*
*Izahay koa tsy hoe handà loatra*
*Fa ny fiompiana mihitsy no tsy mbola mivoatra*

*Izahay koa tsy mpanohitra lalàna*
*Fa ny asa mihitsy no mbola am-piandohana*
*Raha mba mamokatra izahay indray andro any*
*Tsy mahakivy anay ny hanefa izany*

*Izy ireo anefa tsy hatoky raha tsy misy antoka*
*Raha vola kely anefa no azo mitondra fatiantoka*
*Hiarahantsika mijery ny tena ady clé*
*Fa ny fiompiana trondro dia tsy maintsy asarainé*

*Hafatra kely sady fanentanana*
*Ampiasaina aloha izay ampela-tanana*
*Foano koa mpangalatra trondro manao dahalo*
*Fa ampitako hafatra no anaovako tononkalo*


*Mety maro no hanadina sy hanontany*
*Hoe iza no nanoratra ilay tononkalo*
*Ampafantariko ihany na dia izany*
*Mme Olga eto Maromadinika ihany*

Razafindramanga Olga, mpiompy trondro ao Maromadinika, kaominina Tsivangiana, distrikan'i Vatomandry, 12 jona 2025

# SAMIHAFA

## RARINTENY


Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.




1. Asa fampandrosoana iantsorohan'ny mpiara-miombon'antoka
2. Vola aloa amin'ny fanjakana
3. Fanamboarana toerana iray hambolena na ho amin'ny zavatra hafa
4. Ilazana sakana na toe-javatra iray mila vahaolana
5. Tsena lehibe ivarotana sy ampisehoana vokatra fanao isan-taona amin'ny tanàna iray
6. Hetsika fitaomana ny olona mahakasika lohahevitra na hanao zavatra iray
7. Fanangonana vola avy amin'ny tsirairay entina anaovana zavatra

***Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 67***

1. Fahavelomana
2. Firazanana
3. Kalitao
4. Zanaka
5. Traikefa
6. Fisafidianana
7. Fitomboana




## Masikita trondro

**Fangaro :**

*Nofon-trondro 500 g*
*Korizety 2, voatabia 3*
*Tongolobe 2, voasarimakirana 3*
*Menaka oliva (na hafa) 4 sotro fihinanana*
*Tongolo gasy voatoto hasiny 4*
*Sira, dipoavatra*

**Fikarakarana**

1. Tetehina vaventy ny nofon-trondro, ny voatabia sy ny korizety
2. Zaraina efatra ny tongolobe
3. Omanina ny taharo miaraka amin'ny ranom-boasarimakirana, ny menaka oliva ary ny tongolo gasy voatoto
4. Amboarina ny masikita ka atao mifanelanelana amin'ny trondro ny voatabia, ny tongolobe ary ny korizety
5. Alona mandritra ny 30 mn ao anatin'ilay taharo voakarakara teo aloha ny masikita hampalemy azy sy hahafahan'ireo karazan-kanitra hifangaro tsara aminy
6. Asiana sira sy dipoavatra ny masikita vao atono mandritra ny 10 mn

Mazotoa homana ô !




*Masikita trondro*

APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

***Talen'ny Famoahana***
Philippe Martel
***Tonian'ny Fanoratana***
Sidonie Rasoarimalala
***Mpanoratra***
Herisoa C. Andrianantenaina
Manda Anjaratiana
Philippe Martel
Noëlson Randriamialisoa
Tsiry Rabarijaona
Simon Raharimandimby
Sendrahasina Ratsimbazafy
Rosalie Razafimatoa
Donatien Razafindratsiry
Iarison Sahobiniaina Herizo
Arnaud Samy